



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiafiana - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-178

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-006-2021/PR «PORTANT CRÉATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE PARLEMENTAIRE SUR LA SOCIÉTÉ MARBRE ET GRANITE DE MADAGASCAR» (MAGRAMA), NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA RAZANAMAHASOA Christine Harijaona; VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'AMBATOFINANDRAHANA

Fivoriana Faha-20  
Natao ny  
Zoma 10 Desambra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa ANGELE Solange  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Zoma 10 Desambra 2021 tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar» (MAGRAMA), natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona; voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana.

Nitohy ny Zoma 10 Desambra 2021 tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Toliara no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra, hanao ny fiantsoana anarana.

Rehefa izany, nomarihan'Andriamatoa Filoha, fa androany 10 Desambra no andro iraisampirenena hankalazana ny zon'olombelona.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar» (MAGRAMA), natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona; voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-22 Novambra 2021 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Harena Stratejika sy ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa madinika sy Salantsalany nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar» (MAGRAMA), natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona; voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Filohan'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa isany:

- 1- MOHAMAD Ahmad
- 2- RAVONTY Tam Téon Luc Urbain
- 3- VONINAHITSY Jean Eugène
- 4- RAZAKANDRAINY Henri Dominique
- 5- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 6- ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 2- FIENENA Richard Désiré
- 3- RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- 4- RALAMBOZAFIMBOLOLONA
- 5-RAZAFITSIMIALONA Fetra

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAZANAMAHASOA Christine Harijaona
- 2- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 3- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 4 ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 5- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- 6- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 7- RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Ireto avy ireo teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                         |             |
|-------------------------|-------------|
| 1- RATAFIKA             | DIRCAB MMRS |
| 2- RANDRIANARISON Primo | SG MMRS     |
| 3- LOVASOA Arison André | DG (pi) BCM |
| 4- RAKOTOMALALA Olivier | CT MMRS     |
| 5- RAMANANARIVO A.      | SG MICC     |
| 6- RAMINDO Gaëtan       | DGI MICC    |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanolotra ny fitenenana andRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana sady mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra, mba hanazava ny antonanton'izany.

Teo ampanombohana ny fandraisam-pitenenany dia nilaza Ramatoa Solombavambahoaka, fa betsaka no manjavozavo ka ilana fanazavana mikasika ny orinasa MAGRAMA.

Ara-tantara, niorina tamin'ny taona 1973 tao Ambatofinandrahana ny orinasa ary nitondra ny anarana SEVMACAM na «Société d'Exploitation de Valorisation des Marbres et des Cipolins d'Ambatofinandrahana», fa noho ny krizy lava reny sy ny tsy fahatomombanan'ny fitantanana dia tsy nitsahatra nitotongana ny orinasa, ka ny fanarenana natao tamin'ny taona 1990 no niovan'ny anarana ho MAGRAMA na «Marbre et Granite de Madagascar»

Manana tahiry “marbre” sy “granite” azo trandrahana mandritra ny 100 taona Ambatofinandrahana. Orinasa nanana ny lanjany sy lazany ny MAGRAMA ka namoaka vokatra tsara kalitao sy namorona asa ary nampidi-bola vahiny betsaka teto amin'ny Firenena. Noho ny fitantanana tsy nangarahara sy goragora anefa dia nanana olana goavana ny orinasa. Raha ny fantatra dia italiana no nitantana azy farany ka taorian'ny nahafatesan'ny Tale Jeneraly sy Tale Ara-barotra dia maty tanteraka ny orinasa. Taorian'io dia niroso tamin'ny “cessation de paiement” ny orinasa ka nitondra ny raharaha teo anivon'ny fitsarana ireo mpiasa. Nisy taorian'izay ny fandoavana ny karaman'ireo mpiasa tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana ka ny fanaovana lavanty ny fanan'ny orinasa no nandoavana izany. Ankoatr'izay, rehefa tsy nihodina intsony ny orinasa dia nisy hatrany ny fandrohana ny entana sy ny fananan'ny orinasa hatramin'ny trano ka ankehitriny dia tsy misy na inona na inona intsony mitsangana ao amin'ny orinasa.

Ny tanjona amin'izao fangatahana hananganana Vaomiera mpanao fanadihadiana izao dia mba hijerena sy hamotopotorana akaiky ny tena zava-misy marina satria tsy misy fantatra na ny “bilan”, na ny “passif”-n'ny orinasa. Tsy nisy ihany koa ny “saisine” na “arbitrage” nataon'ny Minisiteran'ny Fitsarana mba nahazoana antontan'isa.

Ny faniriana dia ny hamerenana amin'ny laoniny sy hanamboarana ny orinasa mba hiverenan'ny tanjaky ny faritra misy azy sy hisian'ny famoronan'asa.

Teo am-pamaranana dia nanentana ireo Solombavambahoaka tonga nivory izy mba handany ity Tolo-pehin-kevitra ity ho tombotsoa ambony ho an'ny vahoaka.

Taorin'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

## **FANAMARIHANA**

### **Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka**

- Olana itovian'ny orinasam-panjakana na ananan'ny fanjakana petra-bola rehetra ny tranga toy izao, ka misy antony ilana famotorana lalina ao. Ny olana ankapobeny toy izao dia tokony hanana vahaolana ankapobeny ary tsara raha ampidirina ao amin'ny famelabelarana ny antonanton'izao Tolo-pehin-kevitra izao izany.

- Mba hananana antontan-kevitra mafonja sy voamarina dia tsara raha antsoina ihany koa ny ao amin'ny “Direction des Opérations Financières” eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana izay manana ny tahirin-kevitra ara-bola nokirakirain'ny orinasa MAGRAMA.

- Ny fanadihadiana atao dia tsara hijerena manontolo ny zava-nisy hatramin'izay nijoroany sy nihodinany ka hatramin'ny toerana misy ny orinasa ankehitriny.

- Tokony hotsindriana mafy ao amin'ny famelabelarana ny antonantony fa ankoatra ny maha mpamorona asa ny orinasa toy ireto dia mpampidi-bola vahiny betsaka ihany koa izy ireo. Toy izany koa ny tokony hanindriana tsara, fa tsy tokony hijanona amin'ny fanadihadiana ihany ny asa atao, fa tokony hitohy any amin'ny fameloma-maso na fampihodinana indray ny orinasa izany.

### **Fanamarihana avy amin'ny teknisiana**

- Araky ny tatitry ny BCMM na ny "Bureau du Cadastre Minier de Madagascar" dia manana «permis d'exploitation» izay manan-kery hatramin'ny taona 2044 ny orinasa MAGRAMA ary nandoavan'ny orinasa «frais d'administration» izany ny taona 2020. Nisy ihany koa ny "permis de recherche" izay hofeoanana satria tsy nisy fanavaozana nataon'ny orinasa

- Ny ao amin'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany dia efa manana tetikasa hanaovana fanadihadiana manokana momba ny orinasa MAGRAMA koa tsara ny hisian'ny fiaraha-miasa na fifanakalozam-baovao eo amin'ny Minisitera sy ny Antenimierampirenena amin'ity raharaha ity.

- Araka ny fampitam-baovao avy amin'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana dia efa kely dia kely sisa ny petra-bolan'ny Fanjakana Malagasy ao amin'ny orinasa MAGRAMA. Raha ny fantatra ihany koa dia tamin'ny taona 2013 no nisy tatitra arak'asa na "rapport d'activité" farany nataon'ny orinasa voarain'ny Minisitera.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fankatoavana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory

- Famelabelarana ny antonantony: lany nasiam-panovàna (jereo ny tovana).

- Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana;

- Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana;

- Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Araka izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar MAGRAMA » natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

## TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p>EXPOSE DES MOTIFS</p> <p>Entreprise créée en 1990 dédiée notamment à l'exploitation du marbre blanc et du granite noir, principalement situé dans le District d'Ambatofinandrahana, la Société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA) fut une des entreprises pourvoyeuses d'emplois dans cette localité. Le potentiel de productivité et de viabilité du projet fut tel que l'Etat malagasy a pris part dans la constitution de ses actifs financiers.</p>	<p>EXPOSE DES MOTIFS</p> <p>Entreprise créée en 1990 dédiée notamment à l'exploitation du marbre blanc et du granite noir, principalement situé dans le District d'Ambatofinandrahana, la Société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA) fut une des entreprises pourvoyeuses d'emplois dans cette localité <b>et de devises au niveau national</b>. Le potentiel de productivité et de viabilité du projet fut tel que l'Etat malagasy a pris part dans la constitution de ses actifs financiers.</p>
<p>Or tout un chacun...notamment celles dévolues aux différents organes de l'Etat quant à leurs actions face à la situation</p>	<p>Or tout un chacun...notamment celles dévolues aux différents organes de l'Etat quant à leurs actions face à la situation. <b>Les résultats des travaux de cette Commission d'enquête parlementaire visent à dégager les enjeux du sous-secteur et à poser les conditions d'une éventuelle relance des activités de la société MAGRAMA.</b></p>

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Nitondra fanazavana tamin'izany Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no sady Solombavambahoaka nanolotra ity Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR ity. Nambarany tamin'izany ny fanalavana ny teny hoe: SEVMACAM na «Société d'Exploitation de Valorisation des Marbres et des Cipolins d'AMbatofinandrahana», pejy faha-3 ao amin'ny tatitra.

Nitondra fanamarihana koa Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, tao amin'ny pejy faha-3 hatrany, nambarany fa ny Filoha Tale Jeneralin'ny orinasa MAGRAMA ihany no maty, fa tsy ny Tale Jeneraly izay efa lasa nody any Italia tamin'ny taona 2011. Fanampin'izay, ny fandoavana ny karama dia tamin'ny taona 2013 ary taorian'izay tsy nisy intsony.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, Andriamatoa RATAFIKA, nambarany fa feno ny tatitra naroso ary tsy manana fanamarihana izy ireo.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, hanazavany momba ity Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar» (MAGRAMA) ity. Nambarany fa mazava ny voalazan'ny tatitra. Teo ihany koa ny «proposition de résolution» izay natao.

Fanazavana fohy sy tsotra no haroso: ny SEVMACAM tamin'ny voalohany dia resaka fitrandrahana marbra tao Ambatofinandrahana no niandraiketany ary araka ny voalaza tamin'ny tatitra teo, tamin'ny taona 1973 no niorenany.

Ny anarany tamin'izay dia “Société d'Exploitation de Valorisation”; araka ny nahitsintsika teo dia lasa SEVMACAM nampiana ny teny hoe: “des Marbres et des Cipolins d'AMbatofinandrahana” ary ny AM dia AMbatofinandrahana no tena izy.

Orinasam-panjakana Malagasy ary nanome asa sy nampiditra vola vahiny izy io. Tamin'ny 1990, lasa hoe MAGRAMA no anarany na “Marbre et Granite de Madagascar”. Tsy nahomby izany fanovàna ny anarana izany satria tsy nahomby koa ny fitantanana, tsy nisy mangarahara, ka nihantona sy nikatona nandritra ny roa taona, 1995 hatramin'ny taona 1997. Lasan'ny Italiana izy taorian'izay ary niantsoana mpanam-bola, ka tamin'ny taona 2011, lasa tanteraka ny Italiana kanefa mbola tao ny orinasa sy ny kojakoja sy ny fitaovana maro. Mpitrandraka madinika avy atỳ ivelany no niasa tao sy namory ny karazam-bato satria efa nanomboka sahirana tamin'ny fampihodinana izany orinasa izany. Betsaka koa ny trosa tsy voaloha, tsy nandray karama ny mpiasa. Tamin'ny farany, nafindran'ny Italiana tany Bekily ny orinasa, fa ambiny ihany sisa tany aminay. Nitory tany amin'ny fitsarana ireo mpiasa tsy nandray karama rehefa avy eo. Maro koa ny trosa tsy voaloan'ny MAGRAMA, toy ny an'ny Banky izay nitaky ny volany araka ny didim-pitsarana nivoaka tamin'ny fitsarana momba ny varotra teto Antananarivo mitondra ny laharana faha-21-CU tamin'ny volana Febroary 2017. Mbola misy trosa eo amin'ny 200 000 000 Ariary eo ho eo tsy voaloany. Ny niafarany dia lasa “en cessation de paiement” ny MAGRAMA.

Tato aoriana, nitohy hatrany ny halatra madinidinika, fa tamin'ny taona 2020 no nampisokatra ny maso satria rava tanteraka ny orinasa MAGRAMA ao Ambatofinandrahana. Tiana ny manamarika, fa rehefa maty ny Filoha Tale Jeneraly sy ny Talen'ny Varotra, tratran'ny loazam-piaramanidina, teo no tena nampikorosy fahana ny orinasa. Vokatry ny halatra sy ny lavanty indroa miatoana na intelo aza, tsy misy na inona na inona intsony ao an-toerana.

Marihana fa ny fanamboarana an'io MAGRAMA io dia “projet Présidentiel” notakian'ny mponina any an-toerana. Rehefa nisy fandalovan'ny Filohampirenena tany, nampanantena amin'ny hanarenana izany ny tenany. Teo anelanelan'ny fanambarany izany, mbola nisy rindrina nijoro tao, fa amin'izao, tsy misy na inona na inona intsony fa vovoka sisa. Izay antony izay no mahatonga ny Solombavambahoaka mitondra ny feon'ny vahoaka avy any an-toerana ho fanarenana io MAGRAMA io satria araka ny programa hoe hasiana orinasa isaky ny Distrika na ny ODOF, sao anisany ho tafiditra amin'izany ny fanarenana an'io MAGRAMA io.

Raha ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no jerena, araka ny voalazan'ny andininy faha-173; io andininy io no manome alalana ny Solombavambahoaka hanao fanadihadiana parlemantera raha misy trangan-javatra satria fahefany no manao izany. Afaka manangana vaomiera hahafantarana izay zavatra rehetra niseho eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Tafiditra amin'ny fanaraha-maso ny fanjakana koa ny fanaovana io fanadihadiana parlemantera io, mba hahafantarana ny andraikity ny tsirairay sy ahafahana mametraka paikady vaovao ho fanarenana ny orinasa tra-pahasahiranana toy izao.

Ny fanadihadiana parlemantera dia tsy vao izao fa efa nisy asa nataontsika Solombavambahoaka mikasika ny tranga niseho, indrindra momba ny ara-toekarena eto amin'ny firenena, ohatra tamin'izany ny fanadihadiana tany Brickaville mikasika ny fanamboarana siramamy.

Ao ny koa ny mba hahafantarana ny antony nahalasa vovoka ny orinasa, aiza ho aiza ny antontan-taratasy momba an'io orinasa io. Hatao izay hahalalana izay tomponandraikitra sy rangory fototry ny afo tamin'izany raharaha izany.

Manolotra fisaorana anareo Solombavambahoaka ny tenako nihaino ahy satria ny famotorana no hahafantarana ny marina mba hahazoana manarina ny zavatra rava na hahitana vahaolana hafa.

Teoa ampamaranana ny teniny, fanentanana ny namany no nataon-dRamatoa Solombavambahoaka, mba handany ny Tolo-pehin-kevitra natolony.

Rehefa izany, nanambara ny fanohanana ny fananganana Vaomiera mpanao fanadihadiana avokoa ny Solombavambahoaka ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien sy ny Solombavambahoaka FIAROVANA Lovanirina Celestin ary nohamafisin'izy ireo fa nahalala tsara ny maha-sarobidy io orinasa io avokoa izy ireo.

Rehefa izay, nangataka ny hampidirana Solombavambahoaka iray voafidy tamin'ny Tsy miankina ho ao anaty Vaomiera mpanao fanadihadiana ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien.

Nambaran'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin koa fa tsy maty nanaraka ny Filoha Tale Jeneraly ny harena fa mijanona ao ambanin'ny tany avokoa. Noho izany, tsy tokony havela ho gaboraraka ny fitrandrahana azy ireo.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 36 ny nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar» (MAGRAMA), natolotry ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona.

Rehefa izany, nomena fitenenana Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona. Fisaorana feno ny Solombavambahoaka noho ny nandanian'izy ireo ny Tolo-pehin-kevitra natolony no nataony.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny sosokevitra naroson'Andriamatoa ANDRIANTAHINANOMENJANAHARY Felicien amin'ny tokony hampidirana Solombavambahoaka iray voafidy tamin'ny Tsy miankina ho anaty Vaomiera ny mpivory.



Araka ny voalazan'ny andininy faha-198 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena; 15 farafahakeliny no tokony ho isan'ny mpikambana ao anaty Vaomiera mpanadihady ary mitsinjara ho toy izao: 10 avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD, 2 avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM, 2 ao amin'ny GPR ary iray avy amin'ny Tsy miankina.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fitsinjarana ny isan'ny Solombavambahoaka ho mpikambana ao anaty Vaomiera mpanao fanadihadiana.

Rehefa izany, nomena fitenenana Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, nangatahany ny hampidirana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Industria sy ny Filohan'ny Vaomieran'ny Harena an-kibon'ny Tany sy Loharanon-karena Stratejika ao anatin'io Vaomiera hatsangana io.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa voaray ny fangatahana natao teo ary miandry ny anaranan'ireo Solombavambahoaka hirotsaka amin'io Vaomiera hatsangana io sy ny fivoriana hataony ny rehetra.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nangatahany tamin'izany ny valin-teny tokony ho azo tamin'ny dinika mikaton-trano nataon'ny Solombavambahoaka.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa efa tonga eto an-toerana Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, ka izy no afaka mamaly antsika momba izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha; nambarany fa hisy ny «Présentation du Plan Stratégique du Développement de l'Assemblée Nationale», androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, ka entanina ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona